


# GAZETY Tantely

*"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)*

**Laharana faha-87 / 06 Desambra 2020/ 1.000Ar**


www.fjkm-ambohitantely.mg


# "Androm-baovao mahafaly anio" 2Mpan 7: 9DIEM




## « Ary Jakoba dia nanorina tsangambato teo amin'ny fitoerana izay niresahany tamin'Andriamanitra » (Gen. 35 : 14a)








Sabatry ny Fanahy >2
Editorial >3
Vahiny >3
Tsangam-bato >4
Voan-tsampana >5;6
Isika samy Isika >7
Jobily Fisotron-dronono >7
Sombin-tsary >8



GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

***« Ary Jakoba dia nanorina tsangambato teo amin'ny fitoerana izay niresahany tamin'Andriamanitra » (Gen. 35 : 14a)***

Tao Betela no niseho ny tantara. Toerana izay niresahan'i Jakoba tamin'Andriamanitra i Betela, izany hoe, toerana masina, toerana mamy, toerana tiana ho tadidy mandrakariva ary indrindra toerana hotsaroan'ny taranaka aty aoriana fa toeram-pihaonana tamin'Andriamanitra. Ary dia nananganana tsangambato. Ilay tsangambato izany eto dia boky mivelatra mampahatsiaro ilay fotoana nihaonana tamin'Andriamanitra. Tsy ilay tsangambato tsy akory no zava-dehibe fa zavatra ampahatsiahivin'ilay tsangambato, na ny marimarina kokoa, tsy ny tsangambato no zava-dehibe fa ny hafatra nentiny. Raha fintinina dia zavatra telo lehibe no nampahatsiahivin'ity tsangambato naorin'i Jakoba ity :

•***Andriamanitra dia mamonjy azy amin'ny sarotra lalovany (Gen. 35 : 1)***
•***Izy mbamin'ny taranany dia tsy hanompo afa-tsy Andriamanitra irery ihany (Gen. 35 : 2-4)***
•***Andriamanitra nanao fanekena taminy sy tamin'ny taranany fa hihabetsaka ny taranany, ary omen'Andriamanitra azy ny tany izay onenany (Gen. 35 : 9-12)***

***Fomba fanao ha***trany amin'ny Testamenta Taloha, araka izany, ny fananganana tsangambato, koa dia nanohy izany isika Fiangonana eto Ambohitantely raha nankalaza an'Andriamanitra noho ny faha 150 taona. Nanavao ny Akany faha 100 taona isika ary nanitatra sy nanalehibe izany ho tsangambaton'ny faha 150 taona, ary nampitondra izany ny anarana hoe *Akany Andriamanjato Richard*. Nampitondraintsika rahateo ihany koa ny anaran'ireo Mpitandrina raikitra nifandimby tato amin'ny Fiangonana ny efitrano sasantsasany ao amin'ny Akany, toy ny hoe : *Tahala Andriamahery, Efitrano Rainitrena, Tranomboky Andrianony, Tranolay fihaonana Frank Rasoamanana ary Tahala Ravelojaona*. Ity trano lehibe ity dia mirakitra ny fahasoavan'Andriamanitra natosany teo amin'ny Fiangonana sy mirakitra ny fifankatiavana sy ny fiombonan-tsain'ny Fiangonana teo am-panatanterahana ny asan'Andriamanitra. Raha mijery ity trano lehibe misy rihana efatra ity isika, ary mahatratra $2000m^2$ latsaka kely ny velaran'ny efitrano rehetra azo ampiasaina, sy ny tokontany malalaka mahalany fiarakodia manodidina ny 30, dia mahatsiaro ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra hoe be fiantrana sy be indrafo Izy. Amin'izao fotoam-pitokanana izao ihany koa anefa dia rariny loatra raha mamela hafatra ho an'ny taranaka any aoriana isika. Miteny ho azy ny hafatry ny tsangambato faha 150 taona, saingy andeha hosoratana mihitsy ho mora vakiana, ho tadidy ary azo iainana. Noho izany antony izany no nahatonga antsika Fiangonana nanangana tsangambato iray mirakitra ny hafatra tiantsika iainan'ny taranaka aoriana, tahaka ny hafatra napetrak'i Jakoba fony izy nanorina ny tsangambato tao Betela (Jereo ny sary).

Ireto zavatra vitsivitsy ireto no ampitain'ity tsangambato hotokanantsika ity, miaraka amin'ny fitokanana ny trano :

•***Vato fisaka lehibe*** iray mijoro sahabo ho roa metatra, mirakitra ireo hafatra nangonina avy amin'ireo vahoakan'Andriamanitra, ka norafetina ho tononkalo mba ho mora tadidy, misy andalana 23. Hita ao anatin'ity hafatra ity ireo soatoavina ara-panahy, ara-piarahamonina, ara-tsaina tokony hananantsika ankehitriny sy ny taranaka ho avy eo anivon'ny Fiangonana sy ny fianakaviana ary ny tanindrazana.


•***Baiboly vita amin'ny vato*** eo ambony latabatra vato ary mitaingina eo ambony vato lehibe iray misy sarina-hazofijaliana. Ny maha Protestanta no votoatiny asehon'ity tsangambato ity, fanomezan-toerana ny hazofijalian'i Kristy izay maha kristiana no fototry ny soatoavina kristiana. Ny Baiboly mivelatra no fototra sady hazondamosin'ny fiainam-panahy kristiana sy ny fiainam-piangonana. Raha tsorina dia fifamatoran'ny Soratra Masina, ny finoana ary ny fahasoavana ka manjary toetra sy fiainam-panahy no votoatin'izao tsangambato izao.

•Ilay Baiboly mivelatra dia ahitana soratra hoe : « ***Jehovah o, ny taranaka rehetra samy hidera ny asanao » (Sal.145 : 4a)***. Iriantsika miaina amin'ny vanimpotoana ankehitriny no mbola hitohizan'ny taranantsika amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny fahafoizana ary fanajana ao anatin'ny fiainana ny Soratra Masina sy ny finoana an'i Jesoa Kristy.

Tsy zava-baovao tsy akory ary tsy isika eto Ambohitantely no voalohany nanao izao. Efa nisy ireo Fiangonana maro mpialoha lalana antsika nanao izany, toy ny Fiangonana Faravohitra sy Ambonin'Ampamarinana, Ambatonakanga izay nanorina izany etsy Ambohijatovo, na koa ny Fiangonana Ankadimbahoaka nanorina izany etsy amin'ny rond point Ankandimbahoaka. Na izany aza, ny maha zava-baovao ity nataon'ny Fiangonana Ambohitantely dia izy mirakitra manokana ny hafatra nofantenana avy amin'ny Fiangonana manontolo. Mivavaka isika mba hotehirizin'Andriamanitra amintsika mandrakariva ny fitahiam-pahasoavana ary hotehiriziny amin'ny fitahiany ihany koa ireo taranaka mipariaka na eto any ivelany na eto an-tanindrazana.

Ho an'Andriamanitra irery
ny voninahitra.

***Ny Mpitandrina***





Raha miresaka "Taranaka" isika dia mby ao an-tsaina avy hatrany ny fahatsiarovana ny "loharano nipoirana", izany hoe ireo "razana" sy "razam-be" teo alohantsika, ka mandrakariva dia fahatsiarovana no sisa, ka ampitain'ireo ray aman-dreny mbola tsy very tadidy…Tamin'izany rahateo koa moa mbola tsy nisy ireo mety ho fitaovana maro samihafa nahazoana mirakitra ny tantaram-pianakaviana. Saika ny lovan-tsofina sisa ,. na ny fitantaran'ireo ray aman-dreny "tapa porohana sisa tsy may" no ahafantaran'ireo zanaka aman-jafy mandimby ny tena (na ny mety ) ho tantara marina.

Itantsika ao anaty ny Baiboly izany fitanisana ny firazanana izany, ka an'isan'izany ny Filazantsaran'i Matio ery am-piandohana, mitanisa amin'ny antsipirihany ny loharano nipoiran'i Kristy. Ny mahavariana dia tsy misy na iray aza mpahay tantara na mpamakafaka nilaza fa tsy mari-pototra io fitanisana ny loharano nipoiran'i Kristy io. Ny zava mahagaga faharoa dia ny isan'ireo "kristiana", izany hoe ireo mpanara dia an'i Jesoa mandra-kankehitriny eran-tany, tsy mitsaha mitomba isa, na inona na inona mety ho voam-bolana enti-milaza izany.(manaiky an'i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjy)

Eo akatoky ny fankalazana ny fetin'ny Krismasy isika izao, dia ny Zanak'Andriamanitra tonga nofo."…mba tsy ho.very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay"
Mifanindra-dàlana amin'ny Fetin'ny Taranaka ankalazaintsika mpianakavin'ny finoana eto Ambohitantely izany.

Itantsika fa mety ho alevin'ny taona mifandimby ny fahatsiarovana sy fahafantarana ireo "razam-be" nipoiran'ny taranaka , ka mety hivoana amin'ny tena marina izany aty aoriana! Izay tsy fahafantarana ny tena marina izay no miteraka fahadisoan-kevitra sy disadisa ary alahelo mandrakariva,. Izany hoe mety hisy ho tavela eo amaoron-dàlana na ery anjorom-bàla…
Ny marina dia ny "Fiainana mandrakizay" ampanantenain'ny finoana an'i Kristy dia fiainana tsy voafehin'ny tantara sy ny taona mifandimby ary ny fitsinjarana noforonint-sika zanak' olom-belona. Ny hany ilaina (fe-petra) dia ny fananana ny finoana Azy. Andriamanitra ho setrin'ny fitiavany antsika.
Amin'izao fetin'ny Taranaka Ankalazaina eto Ambohitantely izao ary, ary mba tsy zary ho fahazarana fosiny ihany, dia tokony hanontany tena ny tsirairay amin'ny lanjan'ny Finoana ananantsika sy iainantsika amin'ny isan'androntsika.

Na eo an'ivony fianakaviana, na eny amin'ny fiaraha-monina, moa ita soritra eny amin'ny fihetsika sy ny fisainana asehontsika ve fa tena manam-Pinoana tokoa isika? Ny fahasamihafana ita taratra eny an'ivon'ny fiaraha monina eny ve tena mampisaraka sa ho enti mampandroso antsika bebe kokoa amin'ny fanarahana an'i Kristy amin'ny alàlan'ny fifankatiavana sy ny fifandeferana?
Ny hahatongavantsika amin'izany tanjona izany dia tsy misy hafa tsy avy amin'ny alàlan'ny Fahasoavana avy amin'Andriamanitra, ny Asan'ny Jesoa ato anatintsika, ary ny fanavaozana anaty avy amin'ny Fanahy Masina.

Mirary koa raha mirary fetin'ny Taranaka anjakan'ny fifankatiavana sy ny fitoniana ary ny fanantenana ho an'ny rehetra. Izy Andriamanitra anie mbola hiaro antsika zanany amin'ny loza rehetra sy ny zava manahirana izay mety hampisaraka antsika Aminy…
Dia ho Azy Andriamanitra irery ihany ny voninahitra!

***RAJOHARISON David, Loholona***

## VAHINY



**Gazety Tantely** : ***Iza moa ianao ary taranak'iza ?***
**Vahiny** : ***Michelle Razafy Andrianaivo*** ny anarako ary izahay mivady dia tena mandalina ny Fianam-panahy Kristianina satria nomen'Andriamanitra fanomezam-pahasoavana manokana nahafahanay manao ny asan'ny Tompo sy mitory ny Filazantsara eto amin'ny sahan'ny FJKM. Izaho dia Taranak'Itompokolahy Andriamihamina sy Razafindramanana vadiny izay anisan'ny nanana anjara sy nampandroso ny Fiangonana Ambohitantely. Niainako tanteraka izany fandrosoana izany indrindra fa ny fahatanorako talohan'ny nanambadiako ary nandehanako tany am-pielezana. Na dia izany aza dia mitàna mandrakariva ny maha zanak'Ambohitantely ahy izay namolavola sy nanabe ahy ara-panahy ary tsy nisalasala aho nanome mari-dalana ireo zanaka aman-jafinay mahakasika ny fitiavako ny Fiangonana Ambohitantely.

**Gazety Tantely** : ***Nanao ahoana ny fahitanao ny fankalazana ny fetin'ny Taranaka 2020 sy ny fitokanana Tsangambato faha 150 taonan'ny Fiangonana ?***
***Vahiny*** : Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva satria noho ny fitahiany sy ny fitiavany dia afaka nanaraka ireo hetsika samihafa izay karakarain'ny Fiangonana izay nentina nanamarika ny fankalazana. Tsy nanadino ary nitondra am-bavaka mandrakariva satria ny fanankinana ny asa amin'ny Tompo dia tena zava-dehibe tokoa. Fahafinaretana, fahafam-po ary tena fifaliana tokoa ny nahitako ny firindran'ny fikarakarana nandritra ny herinandro satria na teo aza ny hakanton'ny trano dia teo ihany koa ny fahaiza-manaon'ny mpikarakara sy na mpanray anjara tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana maro samihafa ka nahafahana nijery ny fampisehoana tao anatin'ny fifaliana sy ny fiombonam-po tanteraka. Tena modely azo alain-tahaka tokoa ny zavatra tahaka izao. Tsy vitan'ny fampisehoana ihany anefa fa fa tena fampianarana tokoa ho an'ny taranaka faramandimby rehetra.

***Gazety Tantely*** : Inona ny hafatra tinao hapetraka amin'ny taranaka ho avy eto amin'ny Fiangonana Ambohitantely ?
***Vahiny*** : Fanamafisana ny finoana an'Andriamanitra satria ny zavatra rehetra dia avy Aminy ary tokony hotehirizin'ny taranaka fara-mandimby rahatrizay ny finoana an'Andriamanitra. Tsara raha tohizana hatrany izao hetsika izao amin'ny fankalazana rehetra ho avy ary tsy ho latsa-danja ny firaisan-kina sy ny fiombonanana. Azo tsapain-tanana tokoa ny finoana, ny fanantenana ary ny fitiavana dia hamiratra hatrany ny voninahitr'Andriamanitra sy ny fitahiany. N'aiza n'aiza aleha dia lova mivaingana ho an'ny taranaka ny tsangambato faha 150 taona sy ny tantara mipetraka amin'ny maha-Fiangonana Vavolombelona ny FJKM Ambohitantely.

***Stéphane RAJOHARISON, Diakona***

***« Raha tsy Jehovah no manao ny trano dia miasa foana ny mpanao azy ». Sal.127 : 1a***

Izany tenin'ny mpanao salamo izany no mby ato anatin'ny saina fanahy raha tanteraka sy vita soa aman-tsara izao fanavaozana ny tsangambato faha 100 taona sy ny fananganana ny tsangambato hita mason'ny faha 150 taonan'ny Fiangonana Ambohitantely izao. Azo tapain-tanana ny fombàn'Andriamanitra ny asa izay Azy rahateo nandritra izay fotoana lava natanterahana ny asa izay. Ny Alahady 07 Oktobra 2012 tokoa mantsy no nametrahan'ny Fiangonana Ambohitantely, ny Filohan'ny Synodamparintany Antananarivo Atsinanana (SPAA 12) ary ireo solontena avy amin'ny Birao Mpiandraikitra Foibe ny vato fehizoro nanamarihana ny faha 150 taonan'ny Fiangonana. Ankoatra ny tsangambato ara-panahy izay fananganana ny ***Zana-paritra***, dia teo ihany koa ny fanaganana tsangambato hita maso no tanjon'ireo Komity faha 150 taona, ka trano ho toeram-pampianaram-pinoana hamolavolana sy hikolokoloina ireo tanoran'ny Fiangonana sy ireo Sampana ao aminy hanana fiainana vaovao ao amin'i Jesoa Kristy izay « ***Làlana sy Fahamarinana ary Fiainana*** », ary indrindra ihany koa ho trano loharanom-bola maharitry ny Fiangonana. Rehefa tapitra anefa ny fe-potoana niasan'ny Birao sy ny komitin'ny faha 150 taona dia natsangana indray ny komity vaovao hanatanteraka ny asa izay ahitana ny birao'ny Fiangonana miaraka amin'ireo filoha mpanampy ny Fiadraiketana sy solontena vitsivitsy avy ao amin'ny komity teknika faha 150 taona. Manantitra ny fisaorana eram-po eran-tsaina ho an'ireo birao sy komity faha 150 taona noho ny ezaka maro notanterahin'izy ireo. « Eo am-pandrasàna hono no mahita ny atiny ».

Miroso amin'ny asa ary ireo komity vaovao ka teo no nahitana ny olana ara-teknika goavana teo amin'ny toerana izay nofaritana hananganana ny tsangambato. Nikaroka fomba hafa sy toerana hafa hanatanterahana izany. Niposaka ny hevitra fa ny fampiarahana ny tsangambato faha 100 taona amin'ny tsangambato faha 150 taona no hotanterahina : Ny teo aloha havaozina sy hitarina ary ny vaovao kosa dia ho haraikitra amin'ny voalohany. Ny tsapa dia nataon'Andriamanitra ho miara-miasa ny zavatra rehetra hahasoa izay tia Azy (Rom.8 :28), dia misaotra Azy isika fa noho ny fitarihan'ny Fanahy Masina dia nahazo trano lehibe tamin'ny fampitambarana ireo trano roa ireo. Na teo aza anefa izany dia samihafa ny enti-manana tamin'ny fanatanterahana ireo asa roa lehibe ireo. Raha ny fanavaozana ny Akany faha 100 taona ohatra dia teo ohatra ny « Biriky volamena » izay nandraisan'ny mpiangona maro anjara tokoa (fandrotsahana vola tsy tapaka nandritra ny taona maro tao amin'ny kaontin'ny Fiangonana), vola nindramina sy ny raki-pisaorana avy amin'ireo mpanompon'Andriamanitra. Ny tsangambato vaovao kosa dia misy ny hetsiky ny firaisam-po (adidy notanterahina miverimberina sy maharitra), ny vokatra, ny rakitra fahatelo, ireo hetsika maro toy ny Récital de piano, Kolo voninkazo, Tsena K, Nosy mamiko, sns…

Ny nanamarika izany rehetra izany dia tsy adino fa teo mandrakariva ***ny fitiavana, ny firaisam-po, ny firaisan-tsaina ary ny fiombonan'ny tsirairay avy sy ny Fiangonana manontolo*** nanao izany enti-manana izany. Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva isika amin'ny zavatra rehetra satria teo koa ny firaisam-po sy fitiavana nasehon'ny komity ary ireo komity teknika. Nisy tokoa mantsy ny olana izay natrehina, dia ny olana ara-kevitra sy ny olana ara-bola, eny hatramin'ny adim-panahy aza. Kanefa dia nataon'Andriamanitra tanteraka ny asa. Ireny olana maro isan-karazany ireny aza no vao mainka nampiatoraka ny Fiangonana tamin'Andriamanitra ary nampiorina indrindra ny finoan'ny komity, ary tsapa fa tsy ny fitrangan-javatra manahirana no tompon'ny teny farany fa ny hery sy ny fahafan'Andriamanitra tsy hay tohaina, ka mihoatra lavitra izay noheverina sy nangatahina ny Fahasoavan'Andriamanitra nitobaka teo amin'ny fanatanterahana ny asa. Vita soa aman-tsara ny trano, hitantsika ary tsapantsika fa tsy nahavita na inona na inona isika raha tsy Jehovah mihitsy no nanao azy. Voninahitra sy Haja ho Azy iery ihany izany. Kanefa ny voninahitr'Andriamanitra no rakofany ny Fiangonana Ambohitantely manontolo.

Efa vita ny fitokanana niarahana tamin'ny Synodamparitany Antananrivo Atsinanana sy ny Birao Foibe FJKM ny 23 May 2020, Ny mpanofa trano ihany koa dia efa eo rahateo izay tolorana fisaorana mitafotafo tamin'ny fiaraha-nanangana rehetra izay nataony ary ny Tompo homba azy ireo mandrakariva.

Ny tsapa ry havana tamin'ny fanaovana ny tsangambato dia ***« Nanao zava-dehibe tsy takatry ny saina Andriamanitra, eny fahagagana tsy hita isa » (Joba.9 :10)***. Omentsika Azy ny voninahitra fa ho antsika Fiangonana kosa dia misaotra antsika rehetra tsy ankanavaka. Andriamanitra hamaly fitia ho anareo ary tsarovy fa tsy foana tsy akory ny fikelezanareo aina ao amin'ny Tompo. Mitokana ny trano isika anio ***6 Desambra 2020***, ka aoka ho aty anatintsika ny fifaliana sy ny fiombonana. Ho an'ireo zandry kosa dia misy ny **« Vato namelan-kafatra »** izay natsangana araka izany ka ny hafatra dia : « Aoka isika tsy handraraka ny ilo mby an-doha » fa hitombo amin'ny finoana sy hijoro vavolombelona mandrakariva. Mirary soa ho antsika rehetra samy hotahian'ny Tompo ary samy ho tratran'ny Fetin'ny Taranaka mitsingerina hatrany e !

Ho an'Andriamanitra irery ihany
ny voninahitra !

**Herinaivoarisoa ANDRIANANJAVAO**
**Filoha mpanampy FJKM Ambohitantely**



**KOMITY**



**RAKOTONDRAVELO WILFRIED**



RASAKAIZA ANDRY



**RAZANAJATOVO FIDELE**



**RAJOHARISON FELIX**

**KOMITY TEKNIKA**

## SAMPANA DORKASY

***Gal 6 :9 " Ary aza MBA ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika ; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika , raha tsy reraka isika".***

Taorian'ny fihibohana dia niverina nivory isaky ny Talata hariva indray ny Sampana Dorkasy nanomboka ny 22 septambra 2020 teo. Manomboka amin'ny roa ora ny fotoana, ary ao amin'ny Akany Andriamanjato Richard ny toerana. Manasa antsika vehivavy hanatevin-daharana ny Sampana. Nanapa-kevitra ny birao fa ny lafiny ara-panahy no tena namafisina tamin'ity faran'ny taona ity, mba hiatrehana ny asa miandry amin'ny taona vaovao 2021. Tsy nisakana ny asa soa fanaon'ny dorkasy anefa izany, ka ny Talata 17 novambra lasa teo dia nifamotoana izy ireo nanolotra ny fanomezana ,izay efa nangonina mialoha, hoan'ireo vadin'ny mpiomana ho mpitandrina tao amin'ny Seminera Ambatobevajna. Taorian'ny fanompoam-pivavahana niraisana, izay notanterahana tao amin'ny chapelle, dia natolotra azy ireo ny lelavola sy ny ravin-damba.

Ny alahady 22 novambra teo moa no nivoaka ofisialy ireo mpiomana ho mpitandrina tao amin'n'y Seminera Ambatobevanja. Mbola teny amin'ny Seminera Ambatobevanja ihany koa no namaranana ny fotoam-piasana tamin'ity taona 2020 ity. Taorian'ny fotoam-pivavahana dia nisy hirahira fiderana sy kalon'ny fahiny. Nisaraka am-pifaliana ny rehetra,ary samy nitadidy ny daty fidirana amin'ny taona ho avy : 28 janoary 2021, raha sitrapon'ny Tompo.



## SAMPANA LEHILAHY KRISTIANA

***« Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika, ry lehilahy mahery" ( II Tim. 1:8a)***

**VINA**: Efesiana 4 11 -16
- Ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i KRISTY
- Mampiasa ny fanomezam-pahasoavana
- Mitombo ao amin'i Kristy

**ANTOM PISIANA:**
Mandritra ny taom-piasana 2019-2023, ny Sampana Lehilahy Kristiana dia manao laharam-pahamehana ny Fanatsarana ny fitantanana rehetra (ara-bola, ara-pitaovana, maha olona) mba ho modely
eo amin'ny ambaratongan-drafitry ny SLK, araka ny Fahamarinana, satria "Jesoa Kristy no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana….." Jaona 14, 6 sy ny hoe: "Tsy misy fifaliana mihoatra noho izao aho, dia ny andrenesako fa mandeha araka ny Fahamarinana ny zanako" III Jaona 1, 4. Koa hiezaka isika rehetra mba ho modely alaintahaka eo amin'ny lafiny rehetra.

**FOTOTRA HIJOROANA**
- SAHY mitory ny FAHAMARINANA amin'ny alalàn'ny asa 'zay hatao,
- LIANA amin'ny Soratra Masina,
- Manana KETRIKA (paikady) mahomby eo amin'ny asa fitoriana ny Filazantsara,
- Manaiky sy Mankato ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

**NY TANTARANY :**
NIFORONANA : Alahady 05 Septambra 2004
NOTOKANANA : Alahady 8 May 2005, Notokanan'ny SLK FOIBE FJKM
ZANA-TSAMPANA AO AMINY : Rantsana kabary,
FIKAMBANANA AO AMINY: Association des Chrétiens Responsables (ACR)

**MPIKAMBANA AO AMIN'NY BIRAO :**
Filoha : Atoa RANDRIANOELINA Solohery
Filoha Mpanampy : Atoa RANDRIANARISON Tiana Fréderic
Mpitantsoratra : Atoa ANDRIANADY Rivo Hasina Mpitahiry vola : Atoa ANDRIANARIVONY Nelizara Tobijaona
Mpitantsoratra ny vola : Atoa RAONIVELO Tolotrandrianina
Mpanolotsaina 1 : Atoa RASAMINANANA Andriamanjatosoa
Mpanolotsaina 2 : Atoa RANDRIAMASY Alain
**SOLONTENA EO ANIVON'NY AFF :**
- Atoa RAKOTOVAO Zaka
- Atoa RAMIANDRISOA Isidore Mamy

**FOTOAM-PIVORIANA**: isaky ny **Sabotsy voalohany** ny volana, manomboka amin'ny 10h – 12h ao amin'ny Akany Andriamanjato Richard Mahitsison



## CHORALE MAINTIMOLALY:

Hifarana sahady ny taona 2020. Azo lazaina fa tsy nifanaraka tamin'ny niheverana azy ny fandaharan'asa tamin'ity taona ity. Fikasana tokoa ny an'ny olombelona fa Andriamanitra manana ny fandaminany ary fantatsika fa mitondra ho amin'ny soa hatrany Izy. Nikasa hanao zavatra maro ny Chorale Maintimolaly Ambohitantely saingy noho ny toe-draharaha teto amin'ny firenena dia tsy azo natao izany. Tsy nitsahatra nefa ny asa sy ny fianarana mihira. Tanatin'ny fotoana tsy nifankahitana koa no nahatsapana ny lanjan'ny fiarahana anaty sampana iray sy ny fifandraisana ary ny fifampitondrana sy ny fifankatiavana ifampizarana ao. Tsapa koa fa ilaina ny firaketana ny hira an-tsary, ho entina mandray ny hafatry ny fitiavan'Andriamanitra antsika indrindra namakivaky ity taona ity. Hisaoranay ianao Andriamanitra Tsitoha. Efa mivoaka any amin'ny tambazotra-tserasera facebook ny raki-tsarin'izany hira haintsika rehetra izany. Mahatsiaro manokana an'i Bessa koa rehefa mihira azy.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra

## SAMPATI:



SAMPATI (***SAmpana MPAnazava sy TIly***) dia fikambanana manabe tanora zaza lahy sy zazavavy sampana velona ato ampiangonana. Eo am-panomanana ny seho krismasy ny SAMPATI izao, Seho izay hotontosain'ny beazina ny 22 Desambra 2020 ho avy izao. Koa manasa sy manentana antsika ankizy tanora hanatevin-daharana ny SAMPATI . Ny fivoriana dia isaky ny Sabotsy amin'ny 2 ora tolak'andro ao amin'ny Kianjan'ny SAMPATI ao amin'ny Akany Andriamanjato Richard. Miandry an'ise!

***Balisoa***

## T.T.K.

***"Misy fotoana ho an'ny zavatra tsirairay ary misy fotoana ho an'ny raharaha rehetra etỳ ambanin'ny lanitra..."***
***Mpitoriteny 3:1***

Rehefa nihato nandritra ny volana maromaro noho ny fisian'ny fahamehana ara-pahasalamana izay nihatra teto amin'ny firenena dia miverina amin'ny laoniny tanteraka ankehitriny ny asan'ny sampana Tokantrano Tanora Kristianina (TTK) na dia mbola tsy misy aza ny fivoriana mahazatra fanao. Mitohy hatrany ny fiombonam-bavaka fanao isaky ny tokantrano. Tanteraka ihany koa ny fivorian'ny birao tamin'ny fandrafetana ny vinan'asa ho an'ny fotoam-panompoana 2020-2021. Vinan'asa natao hifanaraka amin'ny tanjon'ny Fiangonana sy ny zava-misy mety hiainan'ny isan-tokantrano taorian'iny valan'aretina Covid19 iny.



## SAMPANA SEKOLY ALAHADY

***Jakoba 1:22a "Fa aoka ho mpankato ny teny ianareo".***

Anatin'ny fankalazana ny faha 135 taonan'ny Sampana Sekoly Alahady isika, koa izany no teny nosafidiana ho teny Faneva ary iainan'ny Sampana Sekoly Alahady mandritra ny taom-pankalazana. Ny taona 13 desambra 1885 no niorina ny Sampana Sekoly Alahady teto Ambohitantely ary efa an'arivony maro no mpianatra efa nandalo tao anaty Sampana Sekoly Alahady nandritra izay taona nifandimbiasana izay. Ahitana kilasy 10 ny Sampana Sekoly Alahady miainga amin'ny kilasy voalohany ka hatramin'ny fahasivy ary faranan'ny Sokajy olon-dehibe izay miisa eo amin'ny 280 mpianatra. Roa taona ka hatramin'ny 70 taona ny salan'isan'ny mpianatra ary misy ny sokajy ankizy, tanora ary olon-dehibe lahy sy vavy. 48 no isan'ny mpampianatra manolo-tena mampianatra isaky ny Alahady ary 8 kosa ireo mpandraharaha izay mikirakira ny fandrindrana ankapobeny sy ireo fitaovana samihafa. Teo anatrehan'ny fisian'ny valan'aretina dia nitsahatra ny fampianarana noho ny fanajana ny fepetra ara-pahasalamana noraisin'ny fankajana. Fa na dia tao aza ny fandalovan'ny Covid 19 dia nanao ezaka hatrany niaina sy nivelona ny tenin'Andriamanitra ny SA tamin'ny alalan'ny fandefasana ny lesona eny anivon'ny ray aman-dreny, nisy ihany koa ny fanentanana ny fihainoana ny mofon'aina, ary nisy pejy nosokafana manokana ho an'ny Sampana Sekoly Alahady FJKM Ambohitantely tao amin'ny tamban-jotra sosialy "Facebook" nahafahana nampita hatrany ny lesona isaky ny kilasy, niaraka tamin'ny sary miaina mifandraika amin'ny lesona, sy hiram-pivavahana fanentanana ny ankizy. Ireto ny no nanamarika ny vanim-potoana nolalovan'ny SA ity taona 2020 ity :

1/ Ny zoma 14 aogositra 2020 dia nanao fizarana fanomezana ny biraon'ny Sekoly Alahady natrehin'ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy sy ny Biraom-piangonana. Ny tanjona dia ho fanohanana ny mpikambana sy ho fankaherezana eo anatrehan'ny valan'aretina fa indrindra ho fankatoavana ny Tenin'ny Tompo dia ny mba hifankatiavan'ny mpiara-manompo. Fanomezana misy vary, menaka, arotava misy famantarana SA ary menaka manitra ho fiarovana. Anisan'ny nisitraka izany ny ankohonan'ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy sy ny vady aman-janany, ny Mpitandrina Andriamose Veromalala, ny Mpampianatra sy Mpandraharaha, ireo Mpiasam-piangonana eto amin'ny fitandremana ary indrindra ireo madiniky ny Tompo sosialy zoma hariva.

2/ Ny volana oktobra 2020 lasa teo dia nanolotra fanomezana ny mpampianatra sy mpandraharaha SA toy ny fitafiana sy fitaovam-pianarana sns... ho fandraisana anjara fanohanana ny FJKM Malaimbandy ho vavolombelona amin'ny asa tsara. Fa indrindra ho fanehom-pitiavana ho fankaherezana sy porofo hita maso ny fifanomezan-tànana

3/ Ny Alahady 8 novambra 2020 no niverina niditra ny SA ary mianatra isaky ny alahady maraina @ 8 ora hatramin'ny 9 ora 30 ao @ Akany Andriamanjato Richard. Araka ny fivoriambe dia hankalaza ny fety fihavian'ny Tompo ny SA fitandremana Ambohitantely ka isak'Alahady no hanatanterahana ny famerenana ny hazo Krismasy fa ny volana desambra no hamafisina ny fiverenan-kariva. Koa manentana antsika Ray aman-dreny hampirisika ny zanantsika handray anjara amin'izany fotoam-pifaliana fankalazana ny nahaterahan'ny Tompo izany

4/ Ny Alahady 29 novambra 2020 ho avy izao kosa no fanangonana ny RAKITRA avy @ isam-batan'olona SA tsy ankanavaka atolotra ho fandraisana anjara ho an'ireo miaina zava-tsarotra any @ faritra Atsimo araka ny fanentanan'ny mpiandraikitra FOIBE FJKM.

5/ Manomboka ihany koa ny fidirana Feo Tantely ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny hira koa manentana ny ray aman-dreny hitondra ny ankizy hamonjy ny fianarana isaky ny asabotsy hariva amin'ny 2 ora ka hatramin'ny 4 ora. Hitantsika ao ny fifehezana ny feo fihirana fa indrindra ihany koa ny fampitomboana ny fahalalàna amin'ny famakiana ny solfa.

Ho an' Andriamanitra irery ihany ny Voninahitra.

***Dr Nivo Randrianoelina, Filoha S.A***



## IREO NODIMANDRY

**10 Martsa 2020** : ANDRIAMIHASOA RAVONITSEHENO Njaka
**18 Martsa 2020** : RAJAONARISON Nestor William
**02 May 2020** : RAVONISON RABODOSOA Marie
**06 May 2020** : Ny Andriana RAMBOANIAINA Seth
**15 May 2020** : Ny Andriana ANDRIANALY Joël
**29 May 2020** : RAMIANDRISOA Jacques Elie
**29 May 2020** : RAOELISON Henri Claude
**31 May 2020** : RAKOTONDRAVELO WILFRED Justin
**28 Jona 2020** : RAZANAMAMPIONONA Alphonsine
**30 Jona 2020** : RASOANANDRASANA vady navelan'Itpkl RAMANANTSOAVINA
**01 Jolay 2020** : RABODOMANANDRAISOA Lucie Aimée
**03 Jolay 2020** : RANAIVO RAVONISON Richard
**10 Jolay 2020** : RAVOLOLONIAINA Eliane
**13 Jolay 2020** : RAZANAMALALA Aimée Georgette
**21 Jolay 2020** : RAVAONINDRIANA Jacqueline
**24 Jolay 2020** : RAZAFINDRATELO Justin
**27 Jolay 2020** : RAHOLITSEHENO Ernestine
**28 Jolay 2020** : RAKOTOMALALA Richard Norbert
**30 Jolay 2020** : RANDRIANARIVELO Jean Gérard
**08 Aogositra 2020** : RAKOTOMALALA Florent Norbert
**11 Aogositra 2020** : Ny Andriambavy RAVONIARISOA Modestine
**18 Aogositra 2020** : RAKOTOBE Andriatiana
**29 Aogositra 2020** : RAONIVELO Lucie
**14 Septambra 2020** : RABE BENOHERISOA
**19 Septambra 2020** : RATSIFANDRIHAMANANA Hery Nirina
**30 Septambra 2020** : RAZAFINDRAFAHATRA René Girard
**09 Oktobra 2020** : RAZAFINANDRASANA Verohanta
**15 Oktobra 2020** : RAKOTOARINJARA Raivohaja Norolalao
**23 Oktobra 2020** : RAKOTOMALALA Eric Mamy
**31 Oktobra 2020** : RAHARIFIDY Voahirana
**05 Novambra 2020** : RAZANAJAONA Solofo ( Do Fetsy)
**12 Novambra 2020** : Ny Andriana ANDRIAMIZAHA RASANDIMALALA

## MARIAZY

**27 Jona 2020**
RAKOTOARISOA Njaramelson Andriamahefa
RAMINOSOA Miangaly Tiana
**04 Jolay 2020**
ANDRIAMBOAVONJY Ravo Tiana
RANDRIANANAHARY Nivoniaina Sylvie
**31 Oktobra 2020**
RAZAFINARIVO Ny Antsa Andrianina
RAMILSON Narindra Andrianina
**21 Novambra 2020**
RAMAROMISA RALAMBOTSIROFO Matthieu
RAZAKARIVONY Zarasoa Andrianina

## BATISA

**24 Mai 2020**
RAVELOSON Mikajy Henintsoa
**21 Jona 2020**
RAMIANDRASOA Vina Adan Maël
**01 Novambra 2020**
ANDRIAMORAMANANA

## ALAHADIN'NY MPITANDRINA

**Alahady 27 Desambra 2020**

# JOBILY FISOTRON-DRONONO

Ho tanterahina ny ***Alahady faha 13 Desambra*** ho avy izao, eto amin'ny Fiangonantska F.J.K.M Ambohitantely ny fanompoam-pivavahana fiderana an'Andriamanitra noho ny Jobily "Fisotron-dronono"n-dRamatoa ANDRIAMIARANTSOA RANAIVOJAONA Lala Harisandy, izay 35 taona niasana teo amin'ny sahan'ny F.J.K.M (Sekoly sy Fiangonana). Manasa anao sahady hanotrona azy sy hiara-hiombom-bavaka noho izany fahasoavana lehibe izany.






Fy Rasolofoniaina sy ny tariny





Diakona mi-Solika




Tarika Solika



Fiarahana



Jejy Music



Jejy Music



Mpanan-talentan'Ambohitantely



Zoky Naly



Zaza Kanto sy ny Dihy Tantely



Vehivavy Kanto



Vokatry ny Fiangonana










*Sombin-tsary nandritry ny herinandro-pifaliana ihany ireto fa ny sisa dia hitanao ao amin'ny fb Taranaka Ambohitantely*